Il a gardé son caractère institutionnel à travers ses rubriques « Tsiaky », « Etre », « Izaho sy ny asako », « actualités », « Sosiahy » et « Tsy aritra ». Il s'est ouvert sur d'autres domaines : « Invité de l'économie », « Vahintsika », « Avis d'expert ».

Pour davantage de dédoisonnement.

Aujourd'hui, Tahiry va se restructurer. Il sera davantage orienté à l'interne pour que les agents du Trésor Public soient au même niveau d'information et pour servir d'outil de travail. Certaines rubriques restent, d'autres seront supprimées et de nouvelles vont être élaborées.

Une nouvelle ligne éditoriale, de nouvelles rubriques

Bulletin de communication interne, outil de travail des agents du Trésor Public. Telle est la nouvelle vocation de Tahiry. Au nom de la transparence qui est une valeur véhiculée par le Ministère des Finances et du Budget et au nom de la redevabilité envers le peuple, propriétaire des fonds, des titres et des valeurs dont la garde, la conservation et la gestion incombent au Trésor Public, le bulletin entend garder son indépendance et son intégrité. Ainsi, Tahiry se penchera davantage sur les informations relatives à la vie quotidienne du Trésor Public, les difficultés qu'il rencontre dans l'accomplissement de ses missions et sur la vie et la carrière de ses agents. Point de lamentations. Une mise à la lumière des réalités et des mesures prises en fonction de ces réalités. Un outil qui permet aux agents du Trésor d'avancer dans leur métier.

Un sondage d'opinions sur le bulletin Tahiry a été réalisé pour connaître l'avis des agents du Trésor Public sur sa qualité. La restructuration du bulletin tiendra compte du résultat de cette étude.

▲ Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO



actualités

ROHI: Un nouveau logiciel de recensement pour les agents du MFB

La chasse aux fonctionnaires fantômes est lancée par le Ministère de la Fonction Publique du Travail et des Lois Sociales (MFPTLS). L'apurement de l'effectif et de la masse salariale de certains ministères – dont le Ministère des Finances et du Budget (MFB) – figure parmi les Initiatives à Résultats Rapides (IRR). Pour relever ce défi national, le Ministère des Finances et du Budget, à travers sa Direction des Ressources Humaines et de l'Appui a mis au point le logiciel dénommé ROHI (Ressources Humaines Informatisées). Une véritable révolution pour ce ministère qui ne dispose ni d'archives ni de base de CV numériques sur ses agents. Le point fort du nouveau logiciel : le dénombrement rapide de tous les agents travaillant au sein du MFB, l'extension du système de pointage électronique la Gestion Prévisionnelle des Emplois, des Effectifs et des Compétences (GPEEC).

Avec ROHI, tous les agents peuvent rédiger et mettre à jour un CV en ligne et s'inscrire aux formations proposées par le ministère. A terme, ROHI offrira à chaque agent la possibilité d'effectuer des prêts, de commander un badge électronique, de consulter son classement par rapport aux statistiques d'assiduité et de ponctualité de tous les agents utilisant le badge électronique quotidiennement.

Pour les services responsables du personnel, le logiciel facilitera la gestion des ressources humaines au quotidien : mise à jour des informations administratives (avancement, mise à disposition, affectation, détachement, changement de localité, modalité d'absences), automatisation de certaines tâches (conception de Certificat Administratif, Attestation de Prise de Service, Relevé de Service...) ROHI constituera une plateforme d'échanges entre la Direction des Ressources Humaines et de l'Appui et tous les agents du Ministère. 192.168.17.99/ROHI (via réseau INTRANET).

www.tresorpublic.mg (via site web du Trésor Public malgache)

Pour les agents n'ayant pas accès à Internet, le formulaire à remplir est disponible auprès du responsable du personnel de la direction ou du service.

▲ Collaboration avec Lalaina RAKOTOMANANA, MFB/SG/DRHA

Formation au sein du Ministère des Finances et du Budget

Les agents peuvent désormais s'inscrire en ligne



La Direction des Ressources Humaines et de l'Appui (DRHA) a mis en place sur son microsite une plateforme contenant les offres de formation locale du ministère. Pour y accéder, il suffit de naviguer sur le site du MFB, de cliquer sur le menu « Liens internes/Programmes de formation du MFB – Inscription en ligne », puis de créer un compte pour pouvoir accéder au programme et enfin de s'inscrire.

L'objectif est de mettre tous les agents sur le même pied d'égalité en matière d'accès aux formations.

▲ Collaboration avec Lalaina RAKOTOMANANA, MFB/SG/DRHA

Tsihombe : Notokanana ny trano vaovaon'ny PP



Andriamatoa François Marie Gervais RAKOTOARIMANANA, Minisitry ny fitantanam-bola sy ny tetibola (ankavia) sy Andriamatoa Pierre-Jean FENO (ankavanana), Tale jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana no nitokana ny trano

Mitohy ny ezaka fanamafisana ny fiarovana ny volam-bahoaka, ny fanatsarana ny tontolo iainan'ny mpiasa sy ny fanatsarana ny tolotra omena ny manan-draharaha eto anivon'ny Tahirimbolam-panjakana malagasy. Fanatanterahana izany fanamby izany indrindra no nanorenana trano vaovao ho an'ny *Perception Principale* (PP) Tsihombe.



Rehahan'ny tananan'i Tsihombe ny trano vaovaon'ny PP

Trano vaovao fahatelo amin'ny folo naorin'ny Tahirimbolam-panjakana ity PP Tsihombe ity ary sorabola tao amin'ny tetibolan'ny Tahirimbolam-panjakana madiodio no nampiasaina tamin'ny fanorenana azy. Toy ireo PP rehetra efa naorina dia trano fonenan'ny *Percepteur Principal* ny ambony rihana ary birao iasan'ireo mpiasa efatra mampandeha ny raharaha ao amin'ny PP ny ambany rihana. Ankoatra ny trano vaovao dia novatsiana fitaovana vaovao – latabatra, seza, lalimoara vy, vatavitsy, mpanonta printy – ihany koa ny PP. Ny zoma 22 mey 2015 no notokanana ny Minisitry ny fitantanam-bola sy ny tetibola sy ny Tale jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana tamin'ny fomba ofisialy ny trano vaovao, notronin'ireo tompondraikitra maro teny an-toerana sy ny avy amin'ny fitondrana foibe. Hahazo tombony amin'ity fotodrafitrasa vao naorina ity ireo mpandray fisotroan-dronono 91, ireo mpiasam-panjakana 82 sy ny kaominina Tsihombe.

▲ Ony Nandrianina RABENANTOANDRO

actualités

Nifindra trano ny TG Manakara



Raha tsy grue tsy voabata ny vatavitsy

Lasan'ny rivotra tanteraka ny tafon'ny TG Manakara tamin'ny fandalovan'ny rivodoza Chedza ka lenan'ny orana ny fitaovana rehetra. Vetivety ihany dia voatafo ny trano ka afaka niasa ny mpiasa. Raha nanao fitsidihana tany an-toerana anefa ny avy amin'ny Foibem-pitondrana dia nanapa-kevitra fa tsy maintsy irosoana ny fifindrana trano noho ny fofona hamandoana mahery loatra izay tsy mendrika ny mpiasa sy ny manan-draharaha. Ny endriky ny trano rahateo efa ratsy tokoa ka tsy afaka maneho ny fiandrianan'ny Tahirimbolam-panjakana intsony.

Nifindra any amin'ny ilany andrefan'i Manakara, ao amin'ny rihana voalohan'ny tranoben'ny Fiantohana ARO, any Andranovato, ny TG ankehitriny raha tany amin'ny ilany atsinanana no nisy azy taloha. Marihina fa hofain'ny Tahirimbolam-panjakana io birao io ary nisy ny filazana tamin'ny *radio* nataon'ny *Trésorier Général* mialoha ny fifindrana. Sady akaiky tanàna, manaraka ny lalan-dehibe no tsy lavitry ny biraon'ny polisy no misy azy ankehitriny. Na ny posiposy sy ny takisia-môtô aza dia very mpanjifa satria efa akaiky ny *Trésor* ka na ireo zokiolona tena mpampiasa azy ireo aza dia mahavita mandeha an-tongotra eo !

Sarotra ny fifindrana

Nahavory lanona ny mponin'i Manakara ny fifindrana. Ny famindrana ny vatavitsy no tena nanano-sarotra indrindra. Rehefa tapaka ny fifindrana dia efa nitady izay fomba rehetra hamindrana ny vatavitsy ny mpiasa rehetra teo anivon'ny TG. Milanja 1,8 taonina ity vatavitsy ity. Fiaraben'ny Jirama, ireny mpametaka *poteau* misy *grue* ireny mihitsy no nindramina mba hahafahana manisaka azy. Tsy maintsy niandry ny fahafahan'ilay *camion* sy ny fidinany tany Manakara vao afaka nifindra ny TG. Avy eny an-davarangana no namoahana azy satria tsy voaontson'olombelona mihitsy ny vatavitsy be. Toy izany koa ny fampidirana azy tao amin'ny trano vaovao. Natahorana ny mety hilatsahany any ambany rihana noho ny vesany ka notandremana fatratra sao sanatria mitontona. «Tena henjana ny lalana nolalovana vao tafapetraka soa aman-tsara izahay» hoy ny *Trésorier Général*.

Nomena fitaovana vaovao ny TG :

Fitaovana	Isa
Latabatra birao	4
Seza ho an'ny mpamangy	30
Sezam-birao	2
Open space	5
Lalimoara vy	6
Solosaina feno	10

▲ Ony Nandrianina RABENANTOANDRO

PP Vondrozo : Nahazo *panneaux solaires*



Voavaha tanteraka ny olan'ny herinaratra

Antoky ny fandehanan'ny raharaha eto anivon'ny Tahirimbolam-panjakana ny fisian'ny herinaratra. Mbola maro anefa ireo rantsamangaika no tsy manana izany. Miezaka ny mamaha ny olana ny Foibem-pitondrana. Anjaran'ny *Perception Principale* Vondrozo indray no nahazo *panneaux solaires* (*polychromies*) 275 Watts miisa enina. Tamin'ny faran'ny volana janoary 2015 no natomboka ny fametrahana azy ary efa miasa izany ankehitriny.

Hanamaivana sy hanafaingana ny asa ny fahazoana ireo *panneaux solaires* ireo

Taloha dia mbola milina fanoratana no nampiasaina. Nanampy trotraka izany ny fahatapahan'ny herinaratra satria amin'ny 06 ora hariva hatramin'ny 11 ora alina ihany no mirehitra ny jiro. Ankehitriny kosa dia mirindra tsara ny asa satria mandeha amin'ny ora rehetra ny herinaratra. Ankoatra izany dia efa an-dalana ny rafibaovao izay hampiasaina hanaovana ny asa rehetra. Hampihena ny tsy fandriampahalemana ihany koa ny fahazoana ireo *panneaux solaires* ireo satria hazava hatrany ny PP amin'ny alina. Vao haingana no vita fanavaozana manontolo ny tranon'ny PP ary nahazo môto tsy mataho-dalana iray ihany koa ny PP Vondrozo. «Hanala fahasahiranana amin'ny fiviveziana miakatra any Farafangana io môto io», hoy i Jean Michel Randrianiana, *Percepteur Principal*. Marihina fa ora fito no analana ny 68 km, Vondrozo-Farafangana amin'ny *Taxi-brousse* amin'ny fotoanan'ny main-tany. Hihena amin'ny antsanany ny fotoana lany eny an-dalana raha amin'ny môto.

Ampahatsiahivina fa mpiasa efatra no mampandeha ny raharaha ao amin'ny PP Vondrozo. Eo amin'ny manan-draharaha indray dia 103 ny mpanray fisotroan-dronono, 150 ny *Bons de caisse*, 625 ny FRAM, 15 ny Kaominina, 09 mpiady tranainy, 01 *pension* frantsay. Mahazo tombony ihany koa ireo manan-draharaha ao amin'ny CNaPS izay mandray ny volany ao amin'ny PP Vondrozo...

▲ Yves RAKOTO

Carte FANILO : Test conduant

La phase de test du Système de Paiement Electronique des Carburants (SPECL) via la carte FANILO initié par le Trésor Public malgache a été enclenchée le 11 mars 2015 et a pris fin en juin 2015. Il s'agit d'un test sur le fonctionnement général du système: sur la personnalisation de la carte, sur le Terminal de Paiement Electronique (TPE) et sur la connexion. Le test comporte trois phases : (i) l'approvisionnement en carburant ; (ii) l'acquisition de carburant et (iii) le paiement. Les Services Opérationnels d'Activités centraux de la Direction Générale du Trésor dont les dépenses budgétaires en carburant et lubrifiant sont assignées à la Paierie Générale d'Antananarivo sont les échantillons de cette phase de test. Quelques stations-service de la capitale des quatre compagnies pétrolières travaillent de près avec le Trésor Public pour l'effectivité de ce test. Un calendrier a donc été établi à l'endroit

actualités

PPF : Nihaona tamin'ny DGT vaovao

Ny hanovana ny *engagement décennal*, ny fahafahana mandray anjara amin'ny fifaninanana hidirana ho *Inspecteur du Trésor* any amin'ny ENFIP Paris, ny fanamafisana ny *Perceptions Principales* manerana ny Nosy ary ny fanatsarana ny tontolo iainan'ny mpiasa. Ireo no vontoatin'ny hetahetan'ireo solontenan'ny *Percepteurs Principaux des Finances* (PPF) noresahina nandritra ny fihaonana tsy ara-potoana tamin'ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana, ny 30 martsa 2015.

Anisan'ny enta-mavesatra ho an'ny PP ny *engagement décennal* izay mifehy azy ireo. Tsy azon'izy ireo atao mantsy ny miala tsy ho PPF ao anatin'ny folo taona. Noho ny antony samy hafa dia tsy vitsy no niala an-daharana. Nangatahan'ireo PP ny hampihenana io fepotoana io ho efatra na dimy taona hahafahan'izy ireo mandray anjara amin'ny fifaninanana ho *Inspecteur du Trésor*. Noresahan'ireo PP ihany koa ny tokony hampitomboana ny isan'ny kandida ho raisina ho mpianatra ho *Inspecteur du Trésor* ao amin'ny ENFIP Paris satria dia iray monja no afaka ho an'i Madagasikara ankehitriny raha toa ka telo na roa izany ho an'ny firenen-kafa. Nampantanena ny Tale Jeneralaly fa hiresaka ny mikasika izany amin'ny fihaonana manaraka amin'ny Masoivoho frantsay.

Ankoatra ireo dia nivoitra tao anatin'ny dinidinika ny tsy maintsy hijerena akaiky ny fanamafisana ny fiarovana ny volam-bahoaka indrindra amin'ny fanaovana *approvisionnement* ireo *Perceptions Principales*. Efa natomboka izany saingy notsindrina manokana ihany satria tena mihatra aman'aina na ho an'ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana na ho an'ireo manandraharaha. Ezaka hatao ny hamatsiana vola ireo *Perceptions* any amin'ny faritra mena sy tena lavi-dalana amin'ny alalan'ny angidim-by, izay anisan'ny fanovana goavana efa nanaovan'ny mpitondra taloha fanandramana. Anisan'ny fampanantenan'ny Tale Jeneralaly ny hanohizana ny fanatsarana ny tontolo iainan'ny mpiasa. Notsindrin'ny tamin'izany ny fanohizana ny fananganana fotodrafitrasa vaovao ka laharam-pahamehana ny any amin'ireo faritra saro-dalana. Marihina fa ny Tahirimbolam-panjakana no isan'ny sampandraharahan-panjakana maharakotra tanteraka ny distrika rehetra eto Madagasikara noho ny fanatanterahana ny adidy aman'andraikiny ka rariny loatra raha manana ny fitaovana rehetra mba hahafahany manatontosa izany araka ny tokony ho izy.

▲ Yves RAKOTO



des utilisateurs pour identifier les stations pour l'approvisionnement. Une première évaluation a été effectuée le 1er avril 2015 dont la conclusion a révélé un système opérationnel. Le test est concluant. D'autres fonctionnalités et d'autres informations sont encore nécessaires et sont à ajouter pour augmenter la fiabilité et l'efficacité du système avant de passer à la prochaine étape qui est la finalisation des dispositions réglementaires du système. Il est à noter que le système est perfectible. Une mise à jour de l'application sera effectuée au fur et à mesure des observations des utilisateurs, de l'Administration et des compagnies pétrolières.

▲ Oniniaina RAKOTONINDRINA

Avis



Serge RAJAobelina
Vice-président du Syndicat Malgache
de l'Agriculture Biologique (SYMABIO)

«Le marché du bio est une opportunité pour Madagascar. Une politique agricole et une politique d'investissement orientées vers les produits bio doivent être adoptées.»

Bulletin TAHIRY : Depuis deux décennies, les produits issus de l'agriculture biologique ont connu un véritable engouement dans le monde.

Serge RAJAobelina : L'agriculture biologique est un sujet d'actualité au niveau mondial. C'est une méthode de production agricole caractérisée par le refus de recourir aux produits chimiques de synthèse utilisés notamment par l'agriculture industrielle et intensive depuis le début du 20^{ème} siècle. L'objectif est de mieux respecter l'environnement. Elle vise à gérer de façon globale la production en favorisant à la fois l'agrosystème et la biodiversité, les activités biologiques des sols et les cycles biologiques. Le besoin d'avoir une meilleure santé figure parmi l'une des raisons principales de l'engouement vers l'agriculture biologique. L'on réalise aujourd'hui que manger naturellement, sans produits chimiques, sans pesticides est bien meilleur pour la santé de l'homme.

BT : Quels sont les critères et les étapes de l'obtention de la certification bio ?

SR : Les normes et les critères d'éligibilité sont définis au niveau des pays comme les Etats-Unis, l'Union Européenne ou le Japon et établis en fonction des sociétés ou agents certificateurs bio. Pour Madagascar, ECOCERT est le seul agent certificateur agréé. Un mois avant la cueillette, l'entité à certifier doit soumettre à ECOCERT les formulaires de déclaration pour la cueillette de végétaux dans une zone naturelle ou agricole et la déclaration du respect de la production biologique. Les producteurs s'engagent individuellement à respecter les règlements de la production biologique selon le type de référentiel choisi. Le contrôleur de l'ECOCERT vérifie les livres et les cartes de localisation de chaque production en vue. Bien sûr, les espèces et les quantités de produits sont déclarées et vérifiées et les échantillons de chaque type de produit sont analysés en laboratoire. Pour les agriculteurs qui souhaitent effectuer une reconversion à l'agriculture biologique, une période probatoire de deux années est obligatoire.

BT : Quid du marché des produits bio.

SR : Les produits sont essentiellement destinés à l'exportation (entre 80 à 90%) car la demande sur l'international est très forte. Nos produits sont de meilleure qualité, voire exceptionnelle par rapport à ceux des autres pays. Madagascar dispose d'énormes avantages en raison du climat et de la qualité du sol. A titre d'exemple, les agriculteurs malgaches maîtrisent les techniques de production de la vanille bio depuis des décennies. Quant aux autres produits de rente dont le girofle et la cannelle, Madagascar n'a pas de concurrents potentiels. La qualité du poivre sauvage de Madagascar est aussi exceptionnelle. Toutefois, nous devons travailler très dur pour maintenir notre place car la concurrence est très rude. A titre d'exemple, la Chine risque de devancer Madagascar en tant que principal producteur de gingembre bio. Leur système de production est nettement plus important que le nôtre. Il faut également travailler les prix de nos produits sur le marché international.

BT : Les produits dits « bio » coûtent plus chers sur les rayons des supermarchés. Comment expliquez-vous cela ?

SR : La production de masse ne garantit pas forcément la qualité. Cette méthode consiste à réduire au maximum les coûts de production. Pour les produits bio, c'est la qualité du travail qui compte mais non le volume de production. C'est l'amour de la terre. Et le coût de production des produits bio est nettement supérieur à celui des autres produits. L'objectif n'est pas de se rapprocher des autres prix mais vraiment de produire la qualité.

BT : Quel avenir pour Madagascar en matière de produits bio ?

SR : Madagascar devrait être une terre « bio ». Il faut adopter une politique agricole et une politique d'investissement orientées vers les produits bio. Le marché bio reste encore très ouvert et Madagascar tient et peut y tenir une place importante. Donc il faut miser là-dessus pour attirer des investisseurs. Il faut offrir les opportunités aux agriculteurs malgaches pour accéder à ce type de marché. Les importations à outrance de produits chimiques constituent une menace pour nos productions. Il faut donner les moyens au secteur privé. L'avenir est tout tracé pour le bio.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY



Andoniaina
RATOVO ANDRIAMBAHINY
Communication- CNFI Antsahavola

Ny 04 martsa 2015 no nindaosin'ny fahafatesana teo amin'ny faha 37 taonany i Andoniaina RATOVO ANDRIAMBAHINY. Teo am-pamaranana ny *reportage* natao tany Toliara, izay niarahana tamin'ny ekipan'ny SCRP izy no voatery naiditra hopitaly tampoka. Ora vitsy mialoha ny nandidiana azy dia mbola niresaka asa tamin'ny mpiara-miasa taminy izy. «Tsapako fa tena velom-panantenana be tamin'ny fahasitranany izy», hoy ny mpiara-miasa taminy iray. Ny volana aprily 2013 no tafiditra niasa tao amin'ny *Cellule Information et Communication*-CNFI Antsahavola i Ando. Nanana vinavinan'asa sy fanamby maro izy. Indrisy anefa !

Olona tsotra, faly sy mitsiky lava ary tia miara-monina i Ando. Tsy mba tezitra izy na inona na inona mitranga. Ny alatsinainy 09 martsa no nentina nanomezam-boninahitra an'Andriamandra tao amin'ny fiangonana FJKM Avaratr'Andohalo ny nofo mangatsiakany, mialoha ny nametrahana azy teny amin'ny fasan-drazany ao Ambohitrombihavana. Namela mananon-tena sy kamboty mianadahy i Ando.



Simon Marc
ANDRIAMIARILANITRA
*Contrôleur du Trésor
Direction de la Dette Publique*

Nodimandry ny asabotsy 23 mey 2015 teo amin'ny faha 57 taonany i Simon Marc ANDRIAMIARILANITRA, mpiasa tao amin'ny *Service des Aides et de la Dette Extérieure* (SADE) ao amin'ny *Direction de la Dette Publique* (DDP). Tamin'ny volana febroary 1983 no tafiditra niasa tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana izy ary efa nandalo sampan-draharaha maro na teto amin'ny foibe na tany amin'ny faritra. Solontenan'ny mpiasa efa am-polo taonany maro ny lehilahy sady mafana fo amin'ny famitana ny andraikitra nankinina taminy. Efa nisy aretina nitaiza azy efa hatry ny ela izay nitarika aretina hafa izao niafara tamin'ny fahafatesany izao.

« Olona mazoto miasa sy tia filaminana eo amin'ny asa ary tena tia namana sy manampy ny hafa araka izay azony atao i zoky Simon » hoy ny mpiara-miasa aminy akaiky, « ary tena mpitarika mafatra-po ihany koa ka tena nanamarika ny mpiara-miasa ao amin'ny DDP ». Ny alarobia 27 mey 2015 no nalevina teny amin'ny fasan-drazany tany Ilafy Ambatondrazaka ny nofo mangatsiakany. Namela kamboty efatra mianadahy Itompokolahy.



Etienne
RABOTOMANANA
*Chauffeur – PRMP,
Service Administratif et Financier*

Nindaosin'ny fahafatesana teo amin'ny faha 39 taonany i Etienne RABOTOMANANA, miasa ao amin'ny SAF tamin'ny alarobia 27 mey 2015. Narary i Etienne RABOTOMANANA ary efa hitan'ny mpitsabo fa tsy fahatomombanana eo amin'ny fo no nahazo azy. Eo am-panomanana ny taratasy rehetra ilaina amin'ny fandefasana azy hodidiana any am-pitan-dranomasina izy izao namoy ny ainy izao. Vao tamin'ny taona 2012 no tafiditra niasa tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana i Etienne RABOTOMANANA ary anisan'ireo mpilalao mandrafitra ny ekipan'ny Tahirimbolam-panjakana amin'ny Basketball.

Olona tsotra sy be tsikitsiky, tsy mba nanana olana na tamin'ny sefony na tamin'ny mpiara-miasa Itompokolahy. Ny asabotsy 30 mey 2015 no nalevina teny amin'ny fasan-drazany teny Imerikasinina ny nofo mangatsiakany. Namela mananon-tena sy kamboty mianadahy izy.



Florine
RAVAONIRINA
Opérateur, PP Vondrozo

Nodimandry noho ny aretina nahazo azy ny alatsinainy 30 martsa 2015 teo amin'ny faha 53 taonany Ramatoa Florine RAVAONIRINA rehefa natsaboina tao amin'ny hopitaly Tambohobe Fianarantsoa. Izy no niandraikitra ny fandikana ny JTD, ny fizarana ny *titres de pension*, ny fanoratana ny taokaonty amin'ny milina fanoratana (*frappe comptabilité*). Marihina fa ny 28 may 2001 no voaray hiasa tao amin'ny *Perception Principale* Vondrozo i Florine RAVAONIRINA.

Mpiasa tsotra sady manaraka ny toromarika nomen'ny lehibeny mandrakariva izy ary mazoto sady manaja fotoana. Tonga nanotrona ny fandevenana ny mpiara-miasa tao amin'ny PP Vondrozo, ny solontena avy amin'ny TG Farafangana ary ny mpiara-miasa tao amin'ny TG Ambositra, Ambositra izay toerana nanitrihana ny razana. Namela mananon-tena sy kamboty efatra mianadahy izy.



Antoine **RAZAFINARIVO**
*Percepteur des Finances
PP Manjakandriana*

Nodimandry teo amin'ny faha 57 taonany, ny talata 10 martsa 2015 Andriamatoa Antoine RAZAFINARIVO. *Percepteur des Finances* izy ary tao amin'ny *Perception Principale* Manjakandriana no toerana niasany farany. Efa nolazoin'ny aretina nandritra ny fotoana naharitaritra ny tenany. Na dia teo aza anefa ny fahazotoany sy ny fikirizany dia tsy afaka niasa ara-dalàna intsony izy fa nanapaka matetika. Ny asabotsy 14 martsa no nalevina teny amin'ny fasan-drazany teny Soavina, Tanjombato ny nofo mangatsiakany. Namela mananon-tena sy kamboty efatra mianadahy Itompokolahy.



Honoré RAMAHANDRISOA RAZAFIHARIJAONA

Comptable du Trésor, TG Antsirabe, 36 taona niasana



Tao amin'ny TG Maintirano izy no nanomboka niasa tamin'ny 19 desambra 1979. Enin-taona taty aoriana dia voatendry hiasa tany amin'ny TG Toliara indray. *Fondé de Pouvoirs* tao izy ary nahavita sivy taona. Lasa *Agent Comptable*-ny Oniversite Toliara izy avy eo ary voatendry hiasa tao amin'ny TG Antsirabe indray tamin'ny 1993. Sivy ambinifolo taona no niasany tao. «Nisy foana ny mafy kanefa rehefa atao am-pitiavana ny asa dia vita foana. Ny tao amin'ny Oniversité Toliara

no mazamazana noho ny grevy». Olona tsotra, tia mandray olona sady marim-potoana Andriamatoa RAZAFIHARIJAONA.

Angelin Odilon Emmanuel ANDRIAMBOAVONJY

Assistant d'Administration principal
de Classe Exceptionnelle, 5ème échelon
35 taona niasana, TG Ambatondrazaka



04 february 1980. Io no andro nidirany voalohany tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana, tao amin'ny *Perception Principale* Moramanga. *Employé d'Administration* izy ary *secrétaire comptable* no asany tao. Niakatra ho *assistant d'Administration* izy tamin'ny taona 1981 ka lasa *teneur de livres*. Voatendry ho *Percepteur Principal* tao Anosibe an'Ala Andriamatoa ANDRIAMBOAVONJY tamin'ny volana jiona 1999, ary nafindra tao amin'ny *Trésorerie Générale* Ambatondrazaka indray izy tamin'ny taona 2004. Mikarakara ny fifandraisana amin'ny Banky

Foiben'i Madagasikara, ny *comptes de dépôts* ary ny *Avis de Délégation de crédit* no andraikiny tao. *Caissier* faharoa ihany koa izy no sady filohan'ny fikambanana sosyaly (FITA) izay ivondronan'ny mpiasan'ny TG Ambatondrazaka. «Sarotra ny asan'ny *Trésor* kanefa rehefa atao am-pitiavana sy ikirizana dia vita foana. Mirary soa ho an'ny mpiara-miasa rehetra mba ho today ny fisotroan-dronono ! » hoy Andriamatoa Angelin ANDRIAMBOAVONJY.

Médard BERNARD

Comptable du Trésor, TG Toliara, 36 taona niasana



Ny 21 septambra 1981 no tafiditra niasa tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana tao amin'ny TG Toliara Andriamatoa Médard BERNARD. Folo taona avy no nitazonany ny bokin'ny *Chambre de Commerce et d'Industrie* sy ny kaontin'ny *collectivités*. Taorian'izany fotoana izany dia ny kaonty *classe 6* sy ny *classe 4* amin'ny Budget général de l'Etat no notanany mandra-pandehany ny nisotro ronono. «Ny fitiavana asa, ny fanatanterahana antsakany sy andavany ny baikon'ny lehibe

rehetra no nahatongavako amin'izao ary misaotra an'Andriamanitra fa tojo ny fisotroan-dronono satria maro ireo namana no maty na nigadra tsy nahatratra ny fisotroan-dronony » hoy i M. Dard araka ny fiantson'ny mpiara miasa aminy azy. Nahafinaritra azy ny fiaraha-monina niaraka tamin'Andriamatoa *Trésorier* satria tena misokatra amin'ny lafiny sosyaly. « Rehefa misy asa dia tonga dia vitao eo no eo fa tsy hakana fotoana hahamora sy hampilamina azy, ialana amin'ny mety ho fahaverezan'ny taratasy koa izany. Milamin-tsaina tsara amin'izay miandry ny faran'ny volana ».

Jean Clément ZARA

Attaché technique de coopération, TG Sambava, 39 taona niasana



Tamin'ny volana janoary 1976 no nanomboka niasa tao amin'ny Kaominina Antalaha Andriamatoa ZARA. Tamin'ny taona 2000 dia tafiditra tao amin'ny TG Sambava izy. Nahazo famindran-toerana ho any amin'ny TG Antsiranana izy valo taona taty aoriana. Ny *avances de solde*, ny *comptes de gestion*, ny *budget provincial* no nosahaniny tao. Voatendry hiasa tao amin'ny TG Sambava indray izy nanomboka tamin'ny taona 2013. Ny *transferts assignataires* no nataony teny am-piandohana ary

nitana *caisse recettes* izy mialoha ny nandehany ny nisotro ronono. «Nahafinaritra ahy daholo ny asako. Mbola manimanina ny hiasa ihany ny tena na dia efa handeha hisotro ronono aza», hoy Andriamatoa ZARA.



Nivoarisoa RAHARIMALALA

Percepteur des Finances - Miandraikitra ny Transferts
Trésorerie Principale InterCommunale Bongatsara

Izaho

«Tamin'ny taona 1984 aho no niditra niasa tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Leftry ny *Percepteur Principal* (PP) Betafo aho tamin'izany. Nanampy ny *caissier* sady nikarakara ny *avances de soldes* ihany koa aho. Efa niasa tany Ambalavao sy tany Arivonimamo aho mialoha ny nanendrena ahy ho ao amin'ny *Paerie Générale d'Antananarivo* tamin'ny taona 1995. Nianatra asa maro aho toy ny fandaminana ny fizarana vola fisotroan-dronono, ny fanaovana *centralisation*. Ny *opposition* sy ny *pension* ary ny *centralisation* sy ny *transferts* no tena nifantohako tao amin'ny PGA. Tamin'ny taon-dasa (2014) aho no voatendry hiasa tato amin'ny *Trésorerie Principale Inter Communale* (TPIC) Bongatsara. Ankinin'ny *Trésorier Principal* amiko ny *transferts* ato amin'ity toeram-piasana vaovao ity noho ny traikefa ananako.

Ny asako

Manara-maso ireo antontan-taratasy momba ny fisotroan-dronono sy karama avy any amin'ny *postes comptables* sy ny mandefa azy ireny any amin'ny PGA izay tompoan'ny fandanianana no asako. Tena ilaina ny traikefa amin'izany. Anjaran'ny mpiandraikitra ny *transferts* ny manamarina tsara ny famenoan'ny manan-draharaha ireny *pièces comptables* takina amin'izy ireo ireny. Sarotra ny namerina indray ny fanaraha-maso ireo antontan-taratasy avy any amin'ny *postes comptables* izay tonga aty Antananarivo. Indraindray dia tafiditra anaty fonosana samihafa ny antontan-taratasin'ny mpandray fisotroan-dronono iray. Sarotra ny mikaroka izany ary eo indrindra no ilana fiaraha-miasa sy fifanomezan-tanana. Tena sarotra tokoa ny asanay rehefa misy antontan-taratasy tsy feno ara-dalàna toy ny fanadinoan'ny mpandray fisotroan-dronono manao sonia ohatra. Manahirana ireny antontan-taratasy ireny indrindra rehefa tonga any amin'ny fitsarana kaonty (*Cour des Comptes*). Indraindray tsy misy taratasy fanamarinam-pahavelomana (*certificat de vie*) ho an'ny mpandray fisotroan-dronono mandefa solontena (manao *procuration*)... Voatery mamerina ireny taratasy tsy feno ireny mba ho fenoina any ifotony ny tena. Mahatonga ny asa tsy ho vita ara-potoana izany rehetra izany ary mahatonga ny *transferts* manokana tsy ho vita mihitsy raha tsy taona maro aorian'ilay taom-piasana (*année d'exercice*).

Izaho sy ny asako

Amin'ny 04 ora foana aho no mifoha ny maraina. Rehefa vita ny sakafo dia amin'ny 06 ora sy sasany aho farafahatarany no niala tany Ambatofotsy misy ny fonenako hamonjy eny Antaninarenina tamin'ny fotoana niasako teny. Tsy tara fidirana mihitsy aho ny maraina nandritra ny niasako saingy sahirana lava tamin'ny fodiana. Mody any Ambatofotsy foana aho isanandro hany ka raha vao tara kely ny firavana dia tsy mahita *taxi-brousse* intsony. Hafaliana no nandraisako ny famindrana ahy aty Bongatsara satria voavaha ho azy ny olako taloha.

Tsy niteraka olana teo amin'ny fiainan-tokantranoko ny asako. Tsy mitondra asa mody mihitsy aho amin'ny faran'ny herinandro. Natokako hikarakarana ny tokantranoko sy ho an'ny vady aman-janako izany. Raha sendra misy asa tsy vita dia tonga aloha be aho ny maraina.»

Sosialy



Ireo tera-bao



Marie Océlia Irina
ZAKATIANA

Teraka soa aman-tsara ny 28 janoary 2015, tamin'ny 11 ora sy 05 minitra, tetsy amin'ny *Polyclinique des Sœurs* Ankadifotsy i Marie Océlia Irina ZAKATIANA. Salama tsara i Océlia ary nilanja 2,550 kg izy teo am-pahaterahana. Hasambarana tsy misy toa izany ny an' i Prisca Corine Soatiana VORY (miasa ao amin'ny PGA) sy Jean Eric ZAKATIANA, ray aman-dreniny nahazo ity zanany voalohany ity. Valim-bavaka satria efa ela no nanirian'izy ireo vavy kely.



Mendrikaja Joyful
HARRYS

Tera-dahy tetsy amin'ny *Polyclinique des Sœurs* Ankadifotsy ny 16 aprily 2015 i Lalaina Harrys RAKOTONDRAISOA sy i Mamy Harilalaitiana VOLOLONIRINA miasa ato amin'ny *Service de la Communication, des Relations Publiques et du Partenariat*. Anarana miavaka, Mendrikaja Joyful HARRYS, no nampitondrain'izy ireo ity menaky ny ainy voalohany ity. Nilanja 2,700 kg ary nirefy 50 sm i Joyful teo am-pahaterahana. « Araka ny anarany izay midika hoe «feno fifaliana», dia efa nitondra fifaliana be ho anay ray aman-dreniny izy hatrany am-bohoka ary ny faniriana dia hitondra fifaliana ho an'ireo rehetra mifanerasera aminy » hoy ny reniny. Ho feno fifaliana tokoa ny androm-piainany rehetra !



Mialitiana
Ambinintsoa Manuela
RASOARIVELO

Ny 09 mars 2015 teo no teraka tao amin'ny *Clinique NOA*, Ankorondrano ny zazavavy kely antsoina hoe Mialitiana Ambinintsoa Manuela RASOARIVELO zanak'i Zina RAKOTOARIVO sy Rinasoa RAMANOELINA (samy *Inspecteurs du Trésor* miasa ao amin'ny TG Toamasina). Nilanja 3,550 kg izy ary nirefy 50 sm tamin'izany. Zaza faharoa i Mialitiana. Faly dia faly tokoa ny ray aman-dreniny nahazo ity saribakoly kely ity satria efa lahy kely ny zanany voalohany.



Thiago Milano
RAJAONARIVELO

Ny 03 aprily 2015 no teraka tao amin'ny *Pavillon Sainte Fleur* Anosy i Thiago Milano RAJAONARIVELO, zanak'i Mita Patrick RAJAONARIVELO (Mitou) sy i Lova Mireille ANDRIANARY miasa ato amin'ny *Service de la Communication, des Relations Publiques et du Partenariat*. 3,150 kg no lanjany ary 49 sm no refiny teo am-pahaterana. « Faly loatra ny fonay. Mankasitraka sy midera ny anaran'Andriamanitra izahay amin'izao fahasoavana lehibe nomeny anay izao » hoy ny ray aman-dreniny.



Kasaina Ny Avo
ANDRIAMBOLOLONA

Fifaliana ary andro lehibe ho an'ny ray aman-dreny hatrany ny fahazoana taranaka. Niaina izany fanindroany i Rianja Nantenaina ANDRIAMBOLOLONA sy i Tahinasoa Edith Sandrine RAKOTONDRAISOA (*Comptable du Trésor - PGA Annexe Isoraka*) ny andron'ny 13 febroary 2015 teo. Teraka tetsy amin'ny *Pavillon Sainte Fleur* ny menaky ny ainy antsoina hoe Kasaina Ny Avo ANDRIAMBOLOLONA. Lahikely ary nilanja 3,370 kg izy. Anisan'ny tretiaky ny hafaliana amin'izao fahasoavana izao ihany koa ny zoky vavikelin'i Kasaina.



Mitia
AMANDA

Nomen'Andriamanitra fahasoavana i Faratiana RAHAMELSON miasa ao amin'ny *Direction des Etudes* sy i Rija Tony ANDRIANIRINA fa nomeny zanaka faharoa dia i Mitia AMANDA, zazavavikely. Tamin'ny 25 aprily 2015 no teraka tetsy amin'ny *Pavillon Sainte Fleur* Anosy i Mitia. Dia ho be fitiavana sy hahay hizara fitiavana araka ny anarany anie i Mitia !



Tojo Fitia Oelimiasoa
RANDRIANJANAKA

Tojo Fitia Oelimiasoa RANDRIANJANAKA. Izany no anarana nomen'i Andriamiasoa TOJONARINDRA miasa ao amin'ny SAF/PRMP sy i Rija RANDRIANJANAKA ity zanany faharoa ity. Ny 5 jiona 2015 no teraka tetsy amin'ny *Clinique IMAHO* Analamahitsy i Fitia kely. « Tsy hita izay ambara afa-tsy ny hoe faly, tena faly loatra nahazo saribakoly izahay » hoy ny reniny. Nilanja 3,800 kg ary nirefy 51 sm ny zazakely teo am-pahaterahana.



Mbinintsoa Kent Pierrick
CHAN
RANDRIAMANGAMALALA

Mbinintsoa Kent Pierrick CHAN RANDRIAMANGAMALALA no anaran'ny menaky ny ain'i Sophie CHAN KITIONE miasa ao amin'ny *Recette Générale d'Antananarivo* sy i Hery Sedratiana RANDRIAMANGAMALALA. Teraka ny 31 mey 2015 tao amin'ny *Clinique NOA* Ankorondrano i Kent izay nilanja 3 kg sy nirefy 47 sm. « Tsy misy ambara firy afa-tsy ny hoe faly fa nahazo zaza fanindroany indray » hoy ny reniny.

Sosialy



Kimberly Gerry
RABEHASY

Kimberly Gerry RABEHASY. Izany anarana mahafinaritra izany no nampitondrain'i Faniry Andoniaina RABEHASY miasa ao amin'ny SAF sy i Gerry Carmen RANDRIAMBOLAINA ny menaky ny ain'izy ireo. Tetsy amin'ny *Polyclinique des Soeurs* Ankadifotsy no nilatsahan'ny tavin'ity zaza ity tamin'ny 27 martsa 2015. Zanaka faharoa ary vavikely i Kimberly. Hafaliana-be no nandraisan'ny ray aman-dreniny azy fa vavolombelon'ny fanambinan'Andriamanitra i Kimberly.



Louane
RAFANOMEZANTSOA

Teraka zazavavikely tetsy amin'ny *Clinique NOA* Ankorondrano tamin'ny 1 jiona 2015 i Hasindraibe Christiane ANDRIAMAMPIANDRA sy i Niainamampianina RAFANOMEZANTSOA, *Inspecteur du Trésor, Fondé de pouvoirs* - TG Fianarantsoa. Louane RAFANOMEZANTSOA, izay midika hoe harena sy fahazavana no anarana nampitondrain'izy ireo ity menaky ny ainy faharoa ity. Nilanja 3,5 kg ary nirefy 51 sm i Louane teo am-pahaterahana. « Hafaliana tsy misy toy izany ny anay mivady raha nandray an'i Louane satria efa ela no nanirianay hahazo vavikely » hoy ny rainy.



Fitia
RAMANANTSOA

Ny 7 mey 2015 no teraka tetsy amin'ny clinique NOA Ankorondrano ny zazavavikely mitondra ny anarana hoe Irina Fitia RAMANANTSOA, zanak'i Rina Zélie RAKOTONIAINA, *Inspecteur du Trésor, Chef du Service de la Programmation et du Suivi-Evaluation - Direction des Etudes* sy i Nirinamihamina RAMANANTSOA. Zaza voalohany i Fitia ary nilanja 3,5 kg teo am-pahaterahana. Ho feno fitiavana ary hahay hizara fitiavana amin'ny manodidina azy araka ny anarany anie i Fitia.



Eden Nomentsoa
RABETAFIKA

Eden Nomentsoa RABETAFIKA. Izany anarana kanto izany no nampitondrain' i Tojo Nandrianina RABETAFIKA sy i Erika Lalàna RAKOTOMANIRAKA miasa ao amin'ny *Service des Assurances-DOF* ny zanany lahikely. Teraka tao amin'ny *Polyclinique des Soeurs* Ankadifotsy tamin'ny 12 mey 2015 i Eden, nilanja 3,150 kg ary nirefy 46 sm izy teo am-pahaterahana. «Tsy hitanay izay hamaritana ny hafalianay, tena ampoky ny hafaliana izahay mivady satria naniry zaza ka tera-dahy, efa roa vavy rahateo ny zokiny ka tena feno tanteraka ny fo» hoy ny ray aman-dreniny. Dia ho paradisa araka ny anarany anie ny fiainany manontolo !

Ireo nahazo tokantrano

Haja sy Zo



«Trano sy harena no lova avy amin'ny ray, fa ny vady hendry kosa dia avy amin'ny Tompo». Io no andalan-tsoratra masina nentina nanorina ny tokantranon'i Haja Lantoariravaka RANAIVOSON (*Inspecteur du Trésor* vao nivoaka - IT6) sy i Zo Haja Rita RATIARIMANANA, teo anatrehan'Andriamanitra nandritra ny fanamasinana ny fanambadiany tao amin'ny FJKM Anosizato Hebrona tamin'ny 21 febroary 2015. Ny loko mavokely izay mariky ny haikantom-pihetsehambo (*romantisme*) sy ny fotsy manambara ny fahadiovana no nentin'izy roa nanome hasina ity andro iray toa zato ity. Dia ho feno fifaliana sy ho mavokely hatrany anie ny fiainan'izy roa !

Abel sy Anja



«Sambatra sy ambinina ianao, ny vady ao an-tranonao dia toy ny voaloboka mahavokatra, ny zanakao manodidina ny labatratrao dia toy ny solofon'oliva. Eny toy izany no itahiana ny lehilahy manaja ny Tompo». Io andalan-tsoratra masina nalaina tao amin'ny bokin'ny Salamo 128 : 1-4 io no nosafidian'i Anja RAZAFINDRALAMBO sy Abel RANDRIANEKENA (miasa ao amin'ny DDP-SADE) ho teny filamatra ny fanamasinana ny fanambadian'izy ireo tetsy amin'ny Ekar *Saint Joseph* Mahamasina, tamin'ny asabotsy 07 martsa 2015.

Nambinina sy Gerard



Ny 14 febroary 2015, tao amin'ny fiangonana FJKM Ambondrona Firaiana no nanatanterahana ny fanamasinana ny fanambadian'i Tolotra Nambinina Mahalefita RAMANGALAHY (*Inspecteur du Trésor, Fondé de pouvoirs* - ACCTDP) sy Gérard Andriamifidy RALIBERA. Fahasoavan'Andriamanitra no nirin'izy roa hanorenana ny tokantranony. Izany no nisafidianany ny andinin-tsoratra masina avy ao amin'ny Ohabolana 19 : 14 manao hoe: « Trano sy harena no lova avy amin'ny ray, fa ny vady hendry kosa dia avy amin'i Jehovah ».

Hery sy Meja



Nohamasinina teo anatrehan'Andriamanitra tao amin'ny FJKM Ambavahadimitafo, ny 02 mey 2015 ny fanambadian'i Herinirina Jonson RANDRIAMANGAMALALA (*Inspecteur du Trésor, Chef de l'Unité de contrôle et de surveillance de la Zone Nord*, miasa ao amin'ny DBIFA) sy i Meja Hariniaina ANDRIAMIFIDY. Andalan-tsoratra masina nosintonina tao amin'ny taratasy voalohan'i Jaona, 4:8 manao hoe: «Izay tsy tia dia tsy mba mahalala an'Andriamanitra; fa Andriamanitra dia fitiavana» no nentin'izy roa nanorina ny tokantranony. Ny loko volon-tany sy lokom-bolamena, mariky ny harena no nandravahany ny androny. Hanakarem-pahasoavana sy ho feno fitiavana anie ny tokantranon'izy ireo.

Bien Être



Le miel : aliment indispensable à la maison



Le miel est un aliment pur composé à plus de 80 % de glucides. Il est riche en énergie et est composé de deux sucres simples: le fructose et le glucose qui ne nécessitent aucune digestion et qui sont facilement et directement assimilés par le corps. Il est une source alimentaire d'antioxydants, surtout de flavonoïdes. Le miel peut remplacer le sucre dans toutes les préparations culinaires, moins protéinique et bon pour la santé en général. Un gramme de miel fournit 3,264 calories. Riche en sels minéraux (phosphore, calcium, fer, magnésium, potassium), le miel favorise la croissance, fortifie le squelette, revitalise l'hémoglobine. Sa très large gamme de vitamines facilite la digestion des autres aliments et la rétention bénéfique du calcium et du magnésium.

Quelques vertus et préparation

Allié des sportifs : Le miel donne de l'énergie. L'augmentation de la glycémie va augmenter l'insuline qui va ensuite nourrir les muscles pour leur donner de l'énergie. Comme le fructose passe plus lentement dans le sang, il permet de reconstituer les réserves que le sportif soit au repos ou non. Ainsi il aura moins de risque d'être sujet à une fringale.

Minceur : Sa consommation permet de diminuer d'un quart la quantité de sucre car il est plus sucré et moins protéinique.

Elixir de longue vie : La consommation quotidienne de miel permet de rallonger la durée de vie.

Antiseptique : Le miel est efficace pour soigner les maux de gorge et s'oppose à toute fermentation intestinale

Contre l'insomnie : Prendre un verre de lait avec du miel avant de se coucher.

Diminue la fatigue :

-Boire une tisane chaude sucrée avec un peu de miel pour favoriser l'endormissement ;

-Mélanger ½ cuillère à soupe (càs) de miel et ½ cuillère à café (càc) de cannelle dans un verre d'eau froide et boire le mélange matin et soir pour donner de l'énergie.

Diminue l'effet de l'alcool : La consommation de miel augmente la vitesse de disparition de l'éthanol dans le sang. Elle diminue le temps d'intoxication du corps humain.

Diminue le taux de cholestérol : Mélanger 2 càs de miel et 3 càc de cannelle dans de l'eau. A boire 3 fois par jour 30 mn avant chaque repas.

Mauvaise haleine : Prendre 1 càc miel et 1 càc de cannelle avec de l'eau tiède. En faire un bain de bouche tous les matins après le brossage des dents

Toux : Boire du lait chaud avec du miel.

Santé du cœur : Manger un peu de miel tous les matins en guise de tartine avec un peu de cannelle

Maux de dents : Etaler une pâte d'1 càs de cannelle et de 5 càc de miel sur la dent douloureuse 3 fois par jour pendant 3 jours.

Acnés, taches : Mélanger 1 càs miel et ½ càc de cannelle. Bien nettoyer le visage et bien sécher. Etaler la mixture sur le visage et laisser reposer pendant 15mn 2 fois par semaine.

▲ Recueilli par Ony Nandrianina RABENANTOANDRO



A JOKE

A joke : une blague

A little English joke to make you laugh! Enjoy!



I AM BEAUTIFUL

Teacher: Today, we're going to talk about the tenses. Now, if I say «I am beautiful,» which tense is it?

Student: Obviously it is the past tense.

CONFUSING WORDS

LEND or **BORROW** are confusing verbs.

One reason this happens is because LEND and BORROW have the same basic meaning, but are used for «different» directions in English.

BORROW: to take and use something that belongs to someone else: emprunter

Ex: She borrowed some money from me/ She took some money from me.

LEND: to give something to someone that belongs to you: prêter

Ex: Could you give me some money, please?/ Could you lend me some money, please?

▲ Recueilli par Ravaka RAHERIMANDIMBY

SUDOKU

N° 44

5		4	7		8	1		9
			5	4				7
		9						
8			2		4	7	5	
				5	7			8
		7	1			9		
	3	6	9					
						3		

VALIN'NY N° 43

6	5	1	8	9	3	7	2	4
4	2	8	7	6	5	3	9	1
3	7	9	2	4	1	8	5	6
2	8	3	1	7	6	5	4	9
1	4	6	9	5	8	2	3	7
5	9	7	3	2	4	6	1	8
7	6	5	4	3	9	1	8	2
9	1	2	5	8	7	4	6	3
8	3	4	6	1	2	9	7	5

tahiry an-tsary trésor public



Légendes Photos :

1, 2 : Fivoahan'ny andiam-pianatra *Inspecteurs du Trésor, Percepteurs Principaux des Finances, Contrôleurs du Trésor* ary *Comptables du Trésor*

3, 4: Fambolen-kazo nataon'ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana teto Antananarivo

5 : Fitsidihan'ny Minisitry ny fitantanam-bola sy ny tetibola tao amin'ny PGA

6 : 8 martsa tany Toliara : Nanadio ny manodidina ny TG Toliara ireo vehivavy miasa ao.



TAHIRY

**Bulletin mensuel d'information et de liaison
de la Direction Générale du Trésor**

Adresse

Porte 311, Ministère des Finances et du Budget
Antaninarenina, 101 Antananarivo

E-mail : bulletintahiry@gmail.com

Tél. : 22 276 14

Site Web : www.tresorpublic.mg

Imprimé en 1400 exemplaires